

RAFANIHY NDREKY LEDRONGA
CONTE MALGACHE TRANSCRIT ET TRADUIT VERS LE
FRANÇAIS

Hajasoa PICARD-RAVOLOLONIRINA¹

[Tsy zaha mavandy fô olobe talôhaka, olobe talôhaka fañodian-draha.

Tamy andro tañy, tamy andro fahagôla tañy, tsisy zeñy fô, atiala boe Magadasikara é ! Atiala veloño ô! Ke biby jiaby takao zeñy tiañy hata, atañy fôn !

Indrey andro, notsapaiñy Zañahary hevitra biby jiaby, ke nirôhan-Jañahary ty Madagasikara ty ! Nanomboka tañy Mahajanka tañy ka nandeha tañy Tiliara tañy. Ke efa hiditra amin'ny ilany atinañana ny afo, navôriñ-Jañahary ny biby.

-Vinonaré afo i, hozy. Izey mahafaty i afo i aminare, izy hataoko ampanjaka. Hameky satro-boñiñahitra , satro-marangi-droa!

Iziko nahareñy zeñy ny biby, nandeha zare jiaby nandeha hamôño ny afo.

Nandeha malôhô ny aomby. Nandeha namôño ny afo ... Nandiadia. É tsy natiny ny afo é! Aomby take kony rô nisy vólôlôny. Izy koa izy ney teo iñy, nata, naniry volo malemy madiñiky fôn é ! Rambonazy ndreky, nanjary nahia!

Nandeha Rapiso hamôño ny afo. Tsy nahafaty azy ! iFôsa môa hainaré fetsifetsy : izy koa neiney iñy nilefa avy te!

Nandeha koa ny vôroño ! Nandena hamôño ny afo !

Avy ny goaka. Ny goaka take, mavomavo izy take.

E tsy maty zalahy ny afo é ! Tsy natiny ny afo fô vônolazy ndreky nanjary nainty !

Avy i Ledronga... Lamban'ile dronga talôhaka, faran'ny tsara : fotsy boe ! É tsy natiny ny afo é, fô ny vônol'ny i Ledronga ... Nanjary nainty ny vônolny jiaby. Mañomboka amin'ile vônolôloñy amboniñy vavany ka hatramin'ny rambony marangi-droa ... Nanjary nainty !]

¹ Hajasoa Picard-Ravololonirina, Université de la Réunion, hajaso.picard@wanadoo.fr

« LE DRONGA ET LA CHAUVE SOURIS »

[Ce n'est pas moi qui mens, ce sont les gens d'antan. C'est à eux qu'il faut s'en prendre.

Il y a très, très longtemps de cela, Madagascar, n'était qu'une seule et grande et immense forêt dense ! Et là dedans, tous les animaux faisaient la vie comme ils en avaient envie !

Un jour, Zanahary, le Créateur, mit les animaux à l'épreuve. Il alluma un feu, gigantesque ! Depuis Majunga à l'ouest jusqu'à Tuléar au sud ! et alors que le feu menaçait de s'étendre vers l'Est, Zanahary rassembla tous les animaux.

- Allez tous éteindre le feu ! Celui qui d'entre vous réussira à en venir à bout sera sacré Roi des animaux et je lui donnerai le chapeau royal ! Le chapeau à pointes !

Zanahary ayant parlé, tous les animaux s'en allèrent éteindre le feu.

Le zébu s'est élancé le premier ... Qu'il est beau le zébu avec son épais pelage brun ! Il piétine le feu, piétine, piétine, piétine ! Mais le feu est le plus fort ! Lorsque le zébu revient, il n'a plus fière allure : il a perdu son pelage et sa queue est toute maigrichonne !

Le chat est passé, sans trop s'aventurer. Quant au renard, rusé comme on le connaît, il s'est sauvé dès qu'il s'est mis à roussir !

Les oiseaux arrivent à tire-d'aile pour éteindre le feu.

C'est d'abord le tour du corbeau. Et le corbeau est magnifique avec ses belles plumes jaunes !

Mais, le feu est le plus fort ! le corbeau n'a pas réussi et il est devenu tout noir !

Ha ! Voilà le Dronga qui arrive ... Il n'est pas peu fier de son splendide plumage d'un blanc immaculé ! Mais le feu est le plus fort ! Et voilà notre Dronga presque carbonisé ! Noir, depuis le bout de sa queue fourchue jusqu'aux petites plumes qu'il porte sur le bec.]

[Lañy fañahy ny biby é ! E mafy tatô afo i é !

Iza no hahafaty azy ? Ho an'iza ny satro-boninahitra ?

Tamy farany ... Avy Rafanihy ... Nirôroño avy añaambo takañy zare jiaby avy hamôño ny afo.

Fanihy take bakà, nisy mena, nisy fôtsy, nisy mavo, manga, maintso ... Tsy namelany afo i ! nosarôñan-jare tamin'ny elany lava boe, ary zare téo kony maro boe ! Nata, tsy namelañy... tsôfôtr'aliñy !

Tamy farany, niheña té, naleda te ny afo... Naty!

-E natintsika ny afo é ! natintsika ny afo é!

Mpalaha é! Atsika tô nay é! Ho Rafanihy . Nanjary nainty. Elatrantsika ... Tsisy vôlo !

E tsy mañino fô atsika tô ampanjaka mañomboko niany ! Alôhy atsika hatôry malôhô, fô amaraiña amy valo atsika mandeha makatra amin-Jañahary. Azontsika ny satro-boninahitra !

Rafanihy nivôlaña take bakà, nojokoin'le Dronga. Ke nahareñy zeñy le Dronga, lasa nandeha izy. Nañeño akoho tôkaña, lasa le Dronga nakatra tamin-Jañahary. Tonga te.

-Oa Zañahary é ! Oa Zañahary é !

Nifohazin'ile Dronga Zanahary !

-Ino dianà Ledronga ?

-Natiky ny afo é ! Natiky afo é ! Zahanao lambanahy take fôtsy boe. Izikoa natiky ny afo, nanjary nainty !

Zañahary mbôla te-hatôry. Nitsidihiny avy tañambo Madagasikara. Zahany. Naty ny afo.

-Naty tatô ny afo! Hameko ana ny satro-boniñahitry. Tô izy ... Fô avelà zaha hatory !]

[Les animaux ne savent plus que faire face à ce feu dévorant.

Qui saura mater le feu ? Qui sera sacré roi des animaux ?

Mais ... voici ... la Fanihy ! la Chauve-souris et ses soeurs ... Elles arrivent en masse du haut du bout du ciel ! Elles s'abattent sur le feu !

Les chauves-souris, jadis, avaient le plus beau des plumages: rouge, blanc, jaune, bleu, vert... Elles combattent le feu tout le jour et toute la nuit... Elles harcèlent le feu, elles ne lui laissent aucun répit en le couvrant de leurs larges ailes ! Et les fanihy sont innombrables !

A la fin, le feu mollit, faiblit, noircit, et il meurt !

-Hourra, mes sœurs ! nous avons éteint le feu !

Mais regardez comme nous voilà changées ! Nous sommes toutes grises et nos ailes sont dénudées ! Bah, ce n'est pas grave car nous sommes reines à partir d'aujourd'hui. Allons nous reposer et demain à huit heures, nous irons là-haut chez Zanahary. Nous aurons le chapeau royal !

Mais qui a entendu la Fanihy pendant qu'elle parlait ? C'est le Dronga qui l'épiait ! Et c'est très tôt, au premier chant du coq, que Dronga monte chez le Créateur.

- Hé Zanahary ! Hé Zanahary !
Dronga réveille le Créateur !

- Pourquoi cette visite ?

- J'ai éteint le feu ! J'ai éteint le feu ! Regardez : j'étais tout blanc avant et me voici tout noir ! J'ai éteint le feu.

Zanahary, est encore endormi. Il jette un regard sur Madagascar. Le feu a bel et bien disparu.

- Le feu n'est plus. Je vais te donner le chapeau royal ... Tiens, le voilà ... et va-t-en que je me rendorme !]

[Nandrôrôño le Dronga. Avy takañy, nibedaña tamin'ny tilitilin-kazo ambo izy, nivôlaña nihira nañan'i. Mitôdiky an-atsinanana, mitôdiky an-avaratra, mitôdiky an'andefana, mitôdiky an-atsimo :

« Zovy mpanjaka tsy zaha ? zovy mpanjaka tsy zaha ? Zovy mpanjaka tsy zaha ?... »

Lany fanahy Rafanihy :

-Oa rô, zaha nahaty ny afo, fô nameñy olo-kafa ny satro-boninahitra !

Navôrin-dRafanihy ny fianakaviañy.

-Namena-Janahary an'ileDronga ny satro-boninahitra. Fôn atsika namôño ny afo. Natan-Jañahary sandry herim-pôaña ! Ke atsika tô tsy ho tia an-Jañahary mandrakizay. Ke mañampôño niany, ho tondointsika vôdy izy é !

Ke zeñy hôño nahatonga ny fanihy matôry mivadiky mañan'i, izy koa mandry !

Ngalingalitry !]

[Qui est bien étonnée en entendant le Dronga tout en haut de l'arbre où elle était perchée de ses pattes et la tête sous son aile, comme font tous les oiseaux ? La Fanihy bien sûr ! Et Dronga chantait en se tournant à l'est, au nord, à l'ouest, au sud :

« Qui est le roi ? c'est moi ! Qui est le roi ? C'est moi ? Qui est le roi ? c'est moi !... »

Fanihy est furieuse :

- C'est nous qui avons réussi mais c'est à un autre qu'il a donné le chapeau royal !

Fanihy réunit toute sa famille :

- Zanahary a fait roi Dronga. Mais c'est nous qui avons gagné ! Il n'a que faire de tous nos efforts et de notre courage... Un Zanahary comme ça ne mérite pas notre estime. Dorénavant, mes sœurs, nous lui montrerons notre derrière !

C'est depuis ce temps-là que les chauves-souris dorment la tête en bas.

Ngalingaltry !]